“Izay nihinana tongolo gasy na tongolo, dia aoka izy hisitaka anay - na hoy izy : Aoka izy hisitaka ny toeram-pivavahanay - ary mijanona any an-tranony”

Tatitra azo avy amin'i Jàbir Ibn Abdillah (R.A), niteny ny Mpaminany (S.A.W) manao hoe : “Izay nihinana tongolo gasy na tongolo, dia aoka izy hisitaka anay - na hoy izy : Aoka izy hisitaka ny toeram-pivavahanay - ary mijanona any an-tranony”, ary ny Mpaminany (S.A.W) nomena vilany nisy anana voanjobona tao, ka naheno fofona avy tamin’ireo izy, ka nanontany izy ka nolazaina ny tao anatiny; dia hoy izy : Ento any amin'ireo mpanara-diako, ary nony nahita azy nankahala ny fihinanana izany izy ireo, dia niteny hoe : “Mihinàna ianao izaho dia mifampiresaka amin’izay tsy iresahanao.” Ary voarakitra ao amin'ny bokin'i Moslim, notaterin'i Jàbir bin Abdillah, avy amin'ny Mpaminany (S.A.W) niteny hoe : "Izay nihinana amin'ity anana, tongolo gasy ity - ary hoy izy indray mandeha : Izay mihinana tongolo sy tongolo lay ary ny lozaka, dia aza manakaiky ny moske misy anay, satria ny anjely dia voahelingelina amin'izay zavatra manelingelina ny zanak’i Adama.

[Mari-pototra] [Notantarain’i Bokhari sy Moslim]

Nandrara izay nihinana tongolo gasy na tongolo tsy ho any amin'ny moske ny Mpaminany (S.A.W), mba tsy hanelingelina ny rahalahiny izay manatrika ny soalat iombonana amin'ny fofony. Io dia fanakanana amin'ny tsy maha tsara fotsiny ny fandehanana moske fa tsy fihinana azy; Satria sakafo azo ohanina izy ireo. Ary efa nitondrana vilany iray misy legioma iny Mpaminany (S.A.W), ka rehefa nandre ny fofona tao anatiny izy sy nampahafantarina izay tao anatiny, dia tsy nihinana izany ary nampanatoniny ny sasany tamin'ireo mpanaradiany izany mba hihinanany azy, ka tsy nihinana koa izy ireo ho fanarahana an'ny Mpaminany (S.A.W). Ka rehefa tazany izany dia niteny izy hoe : Mihinana ianao; fa mifandray amin’ny anjely amin’ny alàlan’ny hafatra masina aho. Nilaza ny Mpaminany (S.A.W) fa ny anjely dia voahelingelina amin'ny fofona ratsy, toy ny mahavoahelingelina ny olona amin'izany.

http://www.sunnah.global/hadeeth/mg/show/4850